
# Ny Fanekempihavanako tamin'ny Batisa

Ny fanekempihavanana dia fampanantenana ifanaovantsika amin'ny Ray any An-danitra. Mamakia zavatra telo ampanantenaintsika hatao rehefa atao batisa isika. Avy eo dia soraty ny zavatra azonao atao mba hitandremana ny fanekempihavananao tamin'ny batisa!



### Hahatsiaro mandrakariva an'i Jesoa Kristy

Rehefa nahita ny hafa naneho haratsiam-panahy tamin'olona i Elena dia nieritreritra izay zavatra ho nataon'i Jesoa izy.

**Ny fomba ahafahako mahatsiaro an'i Jesoa:**

*"Hahatsiaro Azy mandrakariva" (Môrônia 4:3).*



### Mitandrina ny didiny.

Nisafidy ny tsy hijery horonan-tsary misy teny sy sary ratsy i James.

**Didy iray azoko tandremana:**

*"Mitandrina ny didiny" (Môrônia 4:3).*

### Mitondra ny anarany eo aminao

Nilaza tamin'ny namany i Nanà fa mpikambana ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy.

**Ny dikan'izany hoe mitondra ny anarany eo amintsika amiko:**

*"Hitondra [eo aminao] ny anaran['i Jesoa Kristy]" (Môrônia 4:3).*





## MITANDRINA NY FANEKEMPIHAVANAKO

Ireto misy fomba vitsivitsy fanampiny azonao itandremana ny fanekempihavanana nataonao tamin'ny batisa.



### Manampy olona

Nanampy ny zandriny lahy hanao ny matematika entimodiny i Akio.

**Iza no azoko ampiana:**

*"Hifampitondra ny enta-mavesatry ny tsirairay mba hanamaivana izany" (Môzià 18:8).*



### Mibebaka rehefa manao ny tsy mety ianao

Rehefa avy nilaza zavatra tamin-karatsiam-panahy tamin'ny rahavaviny i Isa dia nivavaka tamin'ny Ray any An-danitra izy. Dia nangataka ny rahavaviny izy avy eo mba hamela azy.

**Ny fomba ahafahako mibebaka:**

*"Mibebaka . . . ka ateraka indray" (Almà 5:49).*



### Mampionona ny hafa

Nitsidika ny namany izay maty dadabe i Lucas.

**Ny fomba ahafahako mampionona olona:**

*"Hampionona ireo izay mila fampiononana" (Môzià 18:9).*

SARY NATAONI KELLY SMITH

### NY FANDRAISANA ANAO HO MPIKAMBANA

Rehefa vita batisa ianao dia hisy mpihazona fisoronana hametraka ny tanany eo ambony lohanao.

Handray anao ho mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izy ary hanome tsodrano anao mba handray ny fanomezana ny Fanahy Masina (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 33:15).

### NY ZAVATRA AMPANANTENAIN'NY RAY ANY AN-DANITRA ANAO

Rehefa atao batisa sy raisina ho mpikambana isika dia mampanantena antsika ny Ray any An-danitra fa hanana mandrakariva ny Fanahiny miaraka amintsika isika. Manampy antsika hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra sy ny fampiononany ary ny fiadanany ny Fanahy Masina. Manampy antsika hahatsapa ho voavela heloka koa Izy rehefa mibebaka isika.

Afaka mianatra zavatra bebe kokoa momba ny fanekempihavananao tamin'ny batisa ianao amin'ny alalan'ny fihainoana ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79).